# “Hitoetra eo amin’ny dobo Aho mandra-pahitako izay tonga Aminareo hamaly Ahy, ary hisy andian'Olona ho sakanana amin'izany, ka Hiteny Aho amin'izany fotoana izany ny hoe : Tompo ô, avy Amiko sy vahoakako Iny

Tatitra azo avy amin'i Asmaa Binti Abi Bakri (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) ka nanao hoe : “Hitoetra eo amin’ny dobo Aho mandra-pahitako izay tonga Aminareo hamaly Ahy, ary hisy andian'Olona ho sakanana amin'izany, ka Hiteny Aho amin'izany fotoana izany ny hoe : Tompo ô, avy Amiko sy vahoakako Iny, dia ho lazaina Aminy ny hoe : Tsapanao ve izay nataon’izy ireo tao aorianao? Tsy nitsahatra izy ireo niverina tamin'ny asan'izy ireo "

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manazava ny Mpaminany (S.A.W) fa amin'ny Andro fitsanganana dia ho eo amin'ny dobony Izy hijereny izay Olona tonga avy amin'ny vahoakany hanatona ny dobo, Ary misy andian'olona eo akaikiny ho voasakana ka hiteny izy (S.A.W) hoe : Tompo o ! avy Amiko sy amin’ny vahokako iny. Dia holazaina aminy ny hoe : Fantatrao ve izay nataony taorian’ny Nandaozanao azy ireo? Mifanta sy miainiana amin'i Allah ! fa mbola mihemotra sy mivadika amin’ny finoany izy ireo, ka tsy anisan'ny Mpino na koa vahoakanao izy ireo.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65031